# Torolalana Tekinika momba ny fambolena eto Boeny

V1



Projet ProSol

Notanterahi’ny ekipa ECO Consult, CIRAD

Mpanoratra : Fabrice Lheriteau, Solofo Raharinaivo, Mamy Tiana Rakotozafy, Tahiry Rarivonandrasana, Marie-Anne
Ralison, Miharintsoa Randriantsarafara, Serge Rakotozaf, Roger Rafanomezantsoa ECO Consult

Nanampy tamin'ny faatontosana CIRAD (Patrice Autfray)

Sary : Antso Andrianary

Natota tamin'ny

# Fizahantakelaka

# Fisy tekinika Soja

## famaritana ankapobeny

Ny soja (Glysine max L) dia legiminezy iray, fiananakaviamben'ny fabacea avy any amin'ny firenena aziatika. Nambolena izy noho ny voany izay manankarena protéine sy menaka. Ny soja dia anisan'ireo voly mitaky fepetra maro raha tia hahazo tahambokatra tsara aminy, saingy voasokajy kosa izy ho legiminezy izay tsy lairin'ny biby indrindra. Noho ny fahafahany mamokatra « nodule » sy fepetra hafa, dia afaka mampiasa ny azota eo amin'ny rivotra izy ho sakafony. Noho io fahafahany manokana io, dia azo ampiasaina ho zezika maitso izy. Ny sisambokatra avy aminy dia sakafon'ny biby fiompy ihany koa. Ny tsingerimpiainan'ny soja dia eo amin'ny 75 ka hatramin'ny 105 andro eo ho eo. Ny vokatra kosa, arakaraky ny fomba fambolena dia mety hahatratra hatramin'ny 2.5 t isaky ny ha eny amin'ny tany tsara.

## Fomba fisafidianana ny tanimboly

mila tany marina na somary mitongilana kely fotsiny ny soja, karazan-tany maivana (tanimanga fasehana), tany pako, na tany ditra, tany lalina maina tsara tsy misy rano miandrona. Ny fahasiahan'ny tany dia hatreo amin'ny 5.5 mihoatra no tena tsara amin'ity karazamboly inty.

Eto amin'ny fartitra Boeny, ny baiboho no manana toetra tena mety hoan'ny fambolena soja amin'ny voly avotra. Ny tanety izay manana fahasiahana mihoatra ny 5.5 dia azo ambolena azy ihany koa amin'ny asara.

**Fikarakarana ny tany:**


mila asaina ny tany ary mila potehina ny bainga (atao la hersa) rehefa manomana ny tany hamafazana. Afaka mitondra zezika organika eo amin'ny 2 t/ha eo ihany koa alohan'ny hiasana ny tany na atao isandavaka ka iray tsongo isandavaka izany.


**Fisafidianana ny karazan'ambezo:**

Maro karazana ny soja andalam-panandramana eto amin'ny faritry Boeny toy ny FT10, Spike, Safari, ny tsingerimpiainan'ireo dia manodidina ny 90 ka hatramin'ny 100 andro eo.

**Famafazana**

Fanomanana ny ambezo :
Tsindrina manokana eto ny fanaovana andrampitsiriana alohan'ny hamafazana. Raha mihoatra ny 80% ny tahampitsirina dia azo atao ny mamafy voa roa na telo amin'ny lavaka iray, fa raha latsakizay kosa ny tahampitsirina 60 ka hatramin'ny 80% dia aleo ampitomboina ny isan'ny voa afafy isandavaka atao 5 na 6 eo.
Tsara ihany koa raha mampiasa inoculum amin'ny ambezo ka atao 50g isaky ny ambezo 10 g izany ary afanangaro amin'ny ranokely mialohanan'ny hamafazana.






- Mamboly soja miaraka amin'ny katsaka: laharandroa katsaka mielanelana 3 metatra
- Elanelan'ny laharana katsaka 60 sm ary asina laharana soja anaky 5 izay mielanelana 40 sm avy eo.
- Eo aminy laharana soja iray dia atao isaky  30sm ny famafazana

**Fatran'ny ambezo ilaina:**  milanja eo amin'ny 100 ka hatramin'ny 200 g eo arakaraky ny habeany ny voa miisa arivo.

Amin'ny akapobeny dia eo amin'ny 50kg/ha ny fandaniana raha atao voa telo isandavaka.

halalin'ny fafy : 2 à 3 sm farafahalaliny.  Mila mamafy voa 3 hatramin'ny 6 isandavaka arakaraky ny tahampitsirina.

**Famerenana fafy :** azo atao ny mamerina mamafy raha ilaina izany afaka herinandro aorian'ny fitsirin'ny voa.

**Demariazy** : ny tsara indrindra hanaovana ny fanasarahana dia aorian'ny fiavin'ny orana eo amin'ny faha 15 andron'ny fitsirin'ny voly eo, ka atao 2 na 3 isampotony no avela haniry.

**Fikarakarana ny fambolena**

Atao ny fiavana voalohany eo amin'ny faha 35 na 40 andron'ny famafazana. Ary mila miava ihany koa mandritra ny fotoana anirin'ny soja.

**Fiotazana :**atao ny fiotazana ny vokatra rehefa manomboka manompy mavo ny voa sy ny faritra ambonin'ny tahon'ny soja ary manomboka mihamaina sy rehefa manomboka miha matroka ihany koa ny karaokan'ny voa. Rehefa mioty dia tsy azo atao ny:

- Aza endrasana ho mavo daholo ny karaoka rehetra, satria mety ho vaky ny karaoka ka ho very ny voa (déhiscence).
- Aza ongotana ny soja fa tapaho amin'ny fibarana ary ajanony ao anaty tany ny faka izay misy ilay nodule.

**Fikapohana** : mila atapy mandritra ny 3 na 4 andro ny soja alohan'ny hikapohana azy, avy eo dia kapohina amin'ny hazo eo mbony goelaka na toerana efa namboarina mialoha.

**fikororohana :** ny fikororohana dia ny fanala faika maina rehetra amin'ny voa.

**Fanamainana :** rehefa voakororoka dia mila atapy indray mandeha ny voa mba ho maina tsara. Io fanamainana faharoa io dia tokony hahazoana hatramin'ny 8% na latsak'izay ny tahampahamandona ao anatin'ny voa mba hahafahana mitahiry azy tsara. Rehefa avy eo dia atao ao anaty gony ny vokatra ary tehirizina amin'ny toerana maina tsara sy tratran'ny rivotra.